


La prière de Jésus à Gethsémané (Mat 26 :36-45)

Objectifs de l'étude:



- ◀ Qu'est-ce que ces prières nous apprennent sur Jésus ?
- ◀ Et moi, suis-je semblable à Jésus, ou différent de Lui ?
- ◀ Ma façon de prier est-elle différente de la sienne ?

- 36 Alors Jésus s'en vient avec eux en un lieu appelé Gethsémané, et dit aux disciples :
Asseyez-vous ici, jusqu'à ce que, m'en étant allé, j'aie prié là.
- 37 Et ayant pris Pierre et les deux fils de Zébédée, il commença à être attristé et fort
angoissé.
- 38 Alors il leur dit : Mon âme est saisie de tristesse jusqu'à la mort ; demeurez ici et
veillez avec moi.
- 39 Et s'en allant un peu plus avant, il tomba sur sa face, priant et disant : Mon Père, s'il
est possible, que cette coupe passe loin de moi ; toutefois, non pas comme moi je
veux, mais comme toi tu veux.
- 40 Et il vient vers les disciples, et il les trouve dormant ; et il dit à Pierre : Ainsi, vous
n'avez pas pu veiller une heure avec moi ?
- 41 Veillez et priez, afin que vous n'entriez pas en tentation ; l'esprit est prompt, mais la
chair est faible.
- 42 Il s'en alla de nouveau, une seconde fois, et il pria, disant : Mon Père, s'il n'est pas
possible que ceci passe loin de moi, sans que je le boive, que ta volonté soit faite.
- 43 Et étant venu, il les trouva de nouveau dormant ; car leurs yeux étaient appesantis.
- 44 Et les laissant, il s'en alla de nouveau, et pria une troisième fois, disant les mêmes
paroles.
- 45 Alors il vient vers les disciples, et leur dit : Dormez dorénavant et reposez-vous ;
voici, l'heure s'est approchée, et le fils de l'homme est livré entre les mains des
pêcheurs.

Introduction

La scène se passe le soir après le repas de la pâque que Jésus a fêtée avec ses disciples.

Judas, auparavant, s'est déjà engagé avec les autorités juives à livrer Jésus.

Le lieu où Jésus se trouve avec ses disciples, pour se mettre à l'écart comme à l'accoutumée, est à Gethsémané sous le mont des oliviers. En aucun cas, Jésus ne fuit pas Judas car ce dernier connaît bien ce programme du Seigneur.

Quelques personnages sont mentionnés dans ce texte, à savoir Jésus, Pierre, Jacques et Jean, et les autres disciples excepté Judas

Enseignements tirés du texte

1. Nom attribué à Jésus et sa nature

a) Nom: FILS DE L'HOMME

Jésus est le Messie qui a existé depuis, et son règne n'a pas de fin (Daniel 7: 13-14). Arrivé sur terre, né de la femme, Il connaît la joie et les douleurs des humains. Mais, Il reflète la régénération de l'homme parfait par Dieu (deuxième Adam). Sa nature le révélera.

b) Nature: OBEISSANT – EN RELATION PERMANENTE AVEC DIEU

- Obéissant à ses parents depuis sa naissance. Et au cours de l'accomplissement de sa mission étant soumis à Dieu le Père.

« quoiqu'il fût Fils, a appris l'obéissance par les choses qu'il a souffertes » Hébreux 5: 8.

- Jésus est Dieu, mais humainement, Il dépendait de Dieu.

Philippiens 2: 6-9

Enseignements tirés du texte

2. Imiter Jésus

a) Foi en Dieu

« *Que ta volonté soit faite!* »

b) Maîtrise de soi

Le corps est enclin à sa propre volonté et s'oppose à l'Esprit -Romains 7: 18-25.

D'où notre foi devrait être accompagnée par des œuvres manifestes, en mettant la prière en première et à sa place.

MATIO 26

36 Ary Jesosy mbamin'ny mpianany dia tonga tao amin'ny saha anankiray atao hoe Getsemane, ary hoy Izy tamin'ny mpianany: Mipetraka eto aloha ianareo, raha mbola mankeroka hivavaka Aho.
 37 Ary nitondra an'i Petera mbamin'izy roa lahy zanak'i Zebedio Izy, dia nalahelo am-po sy ory indrindra.
 38 Dia hoy Izy taminy: Fadiranovana loatra ny fanahiko, toy ny efa ho faty; mitoera eto, ka miaraha miari-tory amiko.
 39 Ary nony nandroso kelikely Izy, dia niankohoka ka nivavaka hoe: Raiko ô, raha azo atao, dia aoka hesorina amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao.
 40 Ary nankeo amin'ny mpianatra Izy ka nahita azy matory, dia hoy Izy tamin'i Petera: Hay! tsy mahazaka ny miara-miari-tory amiko na dia ora iray ihany aza ianareo!
 41 Miareta tory sy mivavaha ianareo, mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy; mety ihany ny fanahy, fa ny nofo no tsy manan-kery.
 42 Dia nandeha fanindroany Izy ka nivavaka hoe: Raiko ô, raha tsy azo esorina ity, fa tsy maintsy hosotroiko, dia aoka ny sitraponao no hatao.
 43 Ary nony tonga Izy, dia nahita azy matory indray; fa efa nilondolondo ny masonry.
 44 Ary rehefa nandao azy Izy ka lasa indray, dia nivavaka fanintelony ka nanao izany teny izany ihany.
 45 Dia nankeo amin'ny mpianatra Izy ka nanao taminy hoe: Matoria ary ankehitriny, ka mialà sasatra ianareo*; indro, efa akaiky ny ora, ary ny Zanak'olona hatolotra eo an-tànan'ny mpanota.[*Na: Mbola matory ihany va ianareo ka miala sasatra?]

FANDINIHANA

- ◀ Inona no fampianarana raisintsika momba an'i Jesoa ao anatin'izao vavaka izao ?
- ◀ Hita manahaka an'i Jesoa ve ny fanolorantenako sa mifanohitra amin'ny azy kosa?
- ◀ Mitovy amin'ny fivavak'i Jesoa ve ny fivavako ?

Tari-dàlana

Mialoha ny valiteny azo aroso momba ireo, dia tsara ny mandroso ireto tari-dàlana ireto izay manampy antsika amin'ny fandinihana tian-katao:

1. Tranga nisehoan'ny tantara
 2. Toerana nitrangan'izany
 3. Ireo mpandray anjara voalaza eto
1. Tranga : taorian'ny fiaraha-misakafo hariva fankalazana ny paska jiosy (and. 17snm), no nankeny an-tendrombohitry i Oliva i Jesoa sy ny mpianany. Talohan'izany, Jodasy efa nanao fanekena tamin'ny lohan'ny mpisorona fa hanolotra an'i Jesoa ho amin'izy ireo (and. 14snm).
2. Toerana : Getsemane, saha fisintahan'i Jesoa sy ny mpianany isan-kariva rehefa avy mampianatra isanandro ny Tompo (Lioka 21 : 37-38 / 22 : 39). Midina kely ambanin'ny tendrombohitry i oliva no misy azy. Tsy miafina an'i Jodasy araka izay mety hiheverana azy i Jesoa araka izany, satria toerana falehan'izy ireo io saha io ka ho fantany mora foana ny hahitana ny Tompo.
3. Mpandray anjara : Jesoa, Petera sy Jakoba ary Jaona, ny mpianatra afa-tsy i Jodasy

Fampianarana azo raisina avy amin'ny teksta

1. Anarana ilazana an'i Jesoa sy ny toetrany

a) Ny Anarany

Jesoa mihitsy no milaza ny tenany hoe « Zanak'olona ». Araka ny faminiana hita ao amin'ny bokin'i Daniela (7 : 13-14), dia « Mesia » no heviny : Mpanjakan'ny firenena rehetra ary ny fanapahany ho mandrakizay. Nambaran'i Jesoa mialoha tamin'ny mpianany ny fihavian'izany (Matio 24 : 30). Manana izay fahefana feno izay tokoa i Jesoa, kanefa dia olombelona mitafy nofo tahaka antsika ihany koa izy : Zanak'olona. Ary dia hitantsika izany eto :

- Avy nisakafo hariva niaraka tamin'ny mpianany
- Mahatsiaro ny fangirifiriana ara-tsaina, ara-batana, ara-panahy : malahelo am-po, ory, fadiranovana, ambavahaonan'ny fahafatesana
- Mila namana mifanohana sy mifampahery

Hita teo amin'ny maha olombelona an'i Jesoa ny toetry ny olona vaovao noharian'Andriamanitra indray (Adama faha-2) : « Zanak'olona ». jereo àry ny toetrany :

b) Toetrany

➤ Ny fanoavana

Ny fanoavana ray aman-dreny no isan'ny toetra nasehon'i Jesoa fony mbola zaza (Lioka 2 : 51). Ary nanaraka Azy nandritra ny androny tety ambonin'ny tany izany toe-panoavana izany. Niorina tamin'ny fifehezana ny baikon'ny Rainy Izy. Izany no isehoan'ny teny hoe « tsy maintsy... », teo ambavany mandrakariva nandritra ny fiainany sy ny asany (Jaona 4 : 4 / 9 : 4 / Lioka 2 : 49 / 24 : 26). Manoloana ny fakam-panahy nihatra taminy, dia hitantsika fa niaran'ny adim-panahy sy ny fijalian'ny nofo hatrany hatrany Jesoa tamin'ny fanatanterahany ny hafatry ny Rainy : « aoka anie ny sitraponao no atao fa tsy ny sitrapoko ». Noho izany dia nolazain'ny bokin'ny hebreo fa « nianatra fanarahana tamin'izany fahoriana nentiny izany Izy, na dia Zanaka aza » (5 : 8).

➤ Ny fifaneraserany amin'Andriamanitra

Nandritra ny fiainany manontolo i Jesoa dia nanana firaisana tapitr'ohatra amin'Andriamanitra. Tsy manoloana ny fahoriana izay hanjo Azy akory Izy vao nihazakazaka nankao Getsemane hivavaka.

Izay mbola haharihary eto, dia ny fiankinany tanteraka amin'Andriamanitra sy ny fanekenany ho eo ambany fahefàn'ny Ray fony izy teto an-tany (ampitahao Jaona 5 : 19 / 14 : 10).

Ahoana i Jesoa no sady Andriamanitra tokoa no niankina tamin'Andriamanitra sy tao ambany fahefany? Isan'ny zava-miafina tsy takatry ny sain'olombelona izany.

Lazain'ny Soratra Masina fa nanetry tena Jesoa, eny, nofoanany ny tenany ho famonjena ny olombelona (Filipiana 2 : 6-9). Satria nanetry tena toy izany Izy, dia niankina tamin'ny fahatokisany an'Andriamanitra sy ny firaisany taminy ary ny fanoavany Azy ny hahatanterahany ny asany.

2. Ny fanahafana an'i Jesoa Kristy

a) Ny finoana an'Andriamanitra

Jereo fa naverin'i Jesoa intelo ny vavaka nataony. Misy hevitra telo farafahakeliny raketin'izany vavaka izany :

- « Raiko ô, » : io ilay fifandraisana sy fanoavan'i Jesoa an'Andriamanitra nolazaina teo aloha. (ampitahao, Romana 8 : 15)
- « raha azo atao, dia aoka hesorina amiko ity kapoaka ity, » : misy ny fitarainana amin'ny maha olombelona noho ny hamafin'ny fahoriana eo ampanaovana ny asan'Andriamanitra. Fakampanahy tsy hahatanterahana ny asa nanirahan'ny Ray Azy izany, izay efa fantany tsara, kanefa tsy nivadika tamin'ny fanolorantenany Izy (andiny 24). Nohamafisin'i Jesoa izany fanolorantenany izany tamin'ny vavaka nataony fanindroany : « raha tsy azo esorina ity, fa tsy maintsy hosotroiko, ».
- « nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao » : fahatokiana ny fitondran'ny Ray Azy no ambaran'i Jesoa amin'izany. Ny fanaovana ny sitrapon'Andriamanitra ihany no naveriny tamin'ny vavaka nataony fanindroany sy fanintelony, rehefa notononiny tany am-boalohany.

Fisalasalana sy tsy fahatokiana an'Andriamanitra aloha no nampidirin'i Satana tamin'ny olona (Genesisy 3). Fony mbola natoky sy nino tsara an'Andriamanitra ny olona dia tsy azon'i Satana natao ahoana. Ny tsi-finoana àry no niandohan'ny fahalavoana. Rehefa nihozongozona ny finoana, dia azon'i Satana nentina tamin'izay tiany ny olombelona. Ataon'ny olona ho zavatra maivamaivana ny tsi-finoana. Kanefa ny finoana no ahitana ny Voninahitr'Andriamanitra ary ny tsi-finoana no manidy ny varavaran'ny fanjakan'ny lanitra tsy hidirana.

b) Ny fifehezantena

Finoana arahan'asa no lazaina amin'izany, araka ny voalaza ao amin'ny bokin'i Jakoba (2 : 14-26). Ny asa lazaina voalohany eto dia ny vavaka (teny miverina in-5).

Malemin-tsitraro mantsy ny zanak'olombelona (nofo manohitra ny fanahy, Romana 7 : 18-25), ka mety izay maha tery azy ihany no tsaroany amim-bavaka. Zavadehibe àry ny Tenin'i Tompo hoe « fa katsaho aloha ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany dia hanampy ho anareo ny zavatra rehetra » (Matio 6 : 33).

Ilain'ny mino satria mahaso azy ny fitokanana mivavaka, sy ny fotoana manokana hanatanterahana izany (alahady, fotoanan'ny sampana sy ny vondrom-bavaka, isanandro mitokana sy miaraka amin'ny ankohanana na namana, ...), ary ny faharetana mivavaka indrindra indrindra. "Miareta tory sy mivavaha ianareo, mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy" (andiny 41)